**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**
***Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana***

------------------

Commission Electorale Nationale Indépendante

CENI MADAGASCAR

**FANDRAVONANA IREO HEVI- BAVENTY NANDRITRA NY DINIKA NIARAHANA TAMIN'IREO MPISEHATRA AMIN'NY FIFIDIANANA IANTOHANA ZOTRAM-PIFIDIANANA MANGARAHARA SY AZO ITOKISANA**
***(Antananarivo 24 martsa 2023)***

Ny Zoma faha-24 martsa taona telo amby roapolo sy roa arivo ary nanomboka tamin'ny folo ora maraina, no natao tetsy amin'ny NOVOTEL Alarobia, ny ***"Dinika iantohana zotram-pifidianana mangarahara sy azo itokisana"*** nokarakarain'ny Vaomierampirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI) izay niarahana tamin'ireo mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana tsy ankanavaka tamin'ny alalan'ny fanasana izay natao.
Toy izao no fizotry ny dinika nandritra izany:

1) Kabary fanokafana nataon'ny Filohan'ny CENI
2) Fandraisam-pitenenana nataon'ireo Tompon'andraikitra ara-pinoana, ara-politika sy ara-pitondrana
3) Fizarana vaovao mahakasika ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny tetiandrom-pifidianana Filoham-pirenena
4) Fakàna ireo hevim-baventy avy amin'ny mpandray anjara sy ny fifanakalozan-kevitra

## I. NY AMIN'NY KABARY FANOKAFANA NATAON'NY FILOHAN'NY CENI

Ny lahateny nataon'*Andriamatoa DAMA Arsène Andrianarisedo Retaf, Filohan'ny CENI* tamin'ny kabary fanokafana ny fotoam-pivoriana, no nanehoany ny fiarahabana sy fisaorana ireo mpandray anjara rehetra dia : ireo Lehiben'ny Andrimpanjakana isan-tsokajiny na ny solontenany, ireo Mpikambana ao amin'ny Governemanta na koa ireo solontenany , ireo Filoham-pirenena teo aloha, ireo Filoham-piangonana toy ny avy amin'ny FFKM sy ireo hafa, ireo Masoivoho vahiny monina eto Madagasikara, ny solontenan'ny Ampanjaka, ireo mpitarika Antoko politika sy ireo misolo tena azy ary ireo avy amin'ny Fiarahamonim-pirenena sy ny Haino vaky jery.

Notoloran'ny Filohan'ny CENI fisaorana ihany koa ny avy ao amin'ny PNUD, nohon'ny fanohanana sy fanampiana nataony mba hahatanteraka soa aman-tsara izao dinika izao.

Nampahafantariny tamin'izany fa ny antony nahatonga izao fifampidinihana izao dia ny famaliana ny hetahetan'ny mpisehatra amin'ny fifidiana mba tsy hikatona amin'ny lohahevitra manodidina ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy fotsiny ny adi-hevitra atao rehefa mamory ireo mpisehatra amin'ny fifidianana ny CENI, fa tokony hitarina amin'ny lohahevitra hafa manodidina ny zotram-pifidianana ihany koa; teo ihany koa ny resadresaka nifanaovana tamin'ireo avy amin'ny Vondrona iraisam-pirenena, ary ihany koa ny hafatra avy amin'ireo Ray amm-drenim-piangonana efatra mirahalahy eo anivon'ny FFKM. Ny tanjona dia ny mba hisian'ny zotram-pifidianana azo antoka, atao anatin'ny mangarahara ka miteraka fifampitokisana sy fitoniana.

Nibahan-toerana tamin'ny kabary fanokafana nataon'ny Filohan'ny CENI ny tokony hitandrovan'ny Mpisehatra amin'ny fifidianana ny tombontsoa ambonin'ny firenena na dia eo aza ny mety ho tsy fitoviam-pijery na ny fahasamihafàna amin'ny lafiny maro samy hafa. Notsiahivin'ny

Filohan'ny CENI ihany koa ny Soatoavina lehibe mibaiko azy ireo eo am-panatanterahana ny asany, di any "Fanajàna ny lalàna, ny fahaleovan-tena, ary ny tsy fiandanianana amin'ny atsy na amin'ny aroa".

## II. NY AMIN'NY FANDRAISAM-PITENENANA NATAON'IREO TOMPON'ANDRAIKITRA ARA-PINOANA, ARA-POLITIKA SY ARA-PITONDRANA

Nandray fitenenana voalohany ny *Pasitera ANDRIAMAHAZOSOA Irako Ammi, Filohan'ny Fiombonan'ny Fiangonana Kristiana eto Madagasikara (FFKM)*. Rehefa avy naneho ny fankasitrahana ny CENI ny tenany tamin'ny fanantontosana izo dinika izao dia namporisika ny rehetra izy mba hanana toe-tsaina tony ka hahay hikaro-bahaolana hanomanana fifidianana milamina mba ho tombontsoan'ny firenena. Mahagaga ihany hoy izy raha isika samy Malagasy no tsy hahita vahaolana ho an'izay olana eo amintsika. Nilaza ihany koa izy fa vonona ny Andrimaso FFKM amin'ny fanaraha-maso ny fizotry ny fifidianana.

Taorian'izay dia nifandimby nandray fitenenana ihany koa ireo Filoham-pirenena anankiroa teo aloha:

- *Andriamatoa RAVALOMANANA Marc* dia naneho ny fankasitrahany ny CENI tamin'ny ezaka vitany sy ny fahavononany handray andraikitra ka dia nangataka izy ny hitohizan'ny dinika toy izao. Naneho ny fahatokisany ny CENI koa izy amin'ny fampanajana ny lalàna mba hahazoana lisitry ny mpifidy azo antoka ary hisian'ny fitoniana amin'ny fifidianana. Tsy hitsahatra izy ireo ny amin'ny fanentanana ny olom-pirenena hisoratra anarana anaty lisitry ny mpifidy, saingy tokony hijanona kosa hoy izy ny fanakantsakanana amin'ny famoriam-bahoaka sy amin'ny fanehoan-kevitra.

- *Andriamatoa RAJAONARIMAMPIANINA Hery* kosa dia nanamafy fa fotoana iarahana mitady hevitra hampisy fifidianana hitondra vahaolana eto amin'ny firenena ny fihaonana tahaka izao. Ny fanajàna ny lalàna no mametraka fitoniana, hoy izy, ka mila ampandeferina ny hambompon'ny tsirairay hibanjinana ny tombontsoan'ny rehetra sy ny vahoaka Malagasy. Manantena izahay hoy ihany izy fa horaisin'ny CENI avokoa ny tolo-kevitra maro na ny avy amin'ny mpiaramiombon'antoka iraisam-pirenena na ny avy amin'ny mpisehatra rehetra amin'ny fifidianana eto an-toerana.

*Andriamatoa HOULDER Pierre, Ministry ny Fanajariana ny .tany,* izay nisolo tena ny Governemanta kosa dia nanamafy fa tsy maintsy atao amin'ty taona 2023 ity ny fifidianana Filoham-pirenena ary nomarihiny fa araky ny lalàna dia 90 andro mialoha ny fifidianana no tokony hivoaka ny tetiandrom-pifidianana, kanefa mety tsy hiandry tanteraka an'izany fe-potoana izany ny Goverinemanta ny amin'ny famoahana ny daty.

Nifandimby nandray fitenenana ihany koa ireto manaraka ireto araka ny fangatahan'izy ireo, dia:

- *Andriamatoa RATSIRAKA Rolland, Filohan'ny Antoko MTS,*
- *Andriamatoa ANDRIANAINARIVELO Hajo, Filohan'ny Antoko MMM,*
- *Andriamatoa RAKOTOVAO Rivo, Filohan'ny Antoko HVM,*
- *Ramatoa ANDRIATONGARIVO Lalatiana, Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina, Solontenan'ny Governemanta*
- *Andriamatoa PARAINA Auguste, Filohan'ny Antoko TSARATAHAFINA,*
- *Andriamatoa RAKOTOVAZAHA Olivier, Filohan'ny Antoko MFM,*
- *Pasitera MAILHOL, Filohan'ny Fiangonana Apokalipsy*, ary

Manodidina ny fahafahana maneo hevitra malalaka, ny firafitry ny CENI, ny fanaraha-maso ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy, ary ny lanjan'ny dinika hifanakalozan-kevitra mandritra ny zotram-pifidianana ny resak'izy ireo.

Rehefa avy eo dia nandray fitenenana *Son Excellence Monsieur OGNIMBA Léonard Emile, Masoivohon'ny OIF monina eto Madagasikara*, nanome fanazavana mikasika ny fizotra sy ny fomba anaovana ny fitsirihana ny rindrambaiko syn y atontankevitra mirakitra ny lisitry ny mpifidy izay tarihin'ireo manampahaizana avy amin'ny OIF, ka nomarihiny tamin'izany fa indroa miantoana no anatanterahana azy mandrapahatongan'ny fotoana hamaranana tanteraka ny lisitry ny mpifidy.

Taorian'io, dia nandray fitenenana *Andriamatoa RAKOTOARISOA Florent, Filohan'ny HCC*, ka nanome fanazavana ny andraikitra sy ny fahefan'ny HCC araka ny andininy faha-116 sy faha-119 ao amin'ny Lalampanorenana izay manazava ny paik'ady hampiharina raha misy fifanolanana. Nanamarika ihany koa izy ny atao hoe "pouvoir de regulation" izay paik'ady manokana ampiasain'ny HCC handravonana ny mety ho disadisa eo amin'ny Andrimpanjakana.

## III. NY AMIN'NY FIZARANA VAOVAO MAHAKASIKA NY FANAVAOZANA TANTERAKA NY LISITRY NY MPIFIDY SY NY TETIANDROM-PIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA

Ny fizarana fahatelo tamin'ny fandaharam-potoana kosa dia niompana tamin'ny fizarana vaovao manodidina ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny tetiandrom-pifidianana Filoham-pirenena, ka nifandimbiasan'ireo fitaleavana voakasik'izany eo anivon'ny CENI.

Araka izany dia *Andriamatoa RANAIVODIMBY Alberto Claudel,* Tale misahana ny « Système des Informations et de la Nouvelle Technologie » na DSINT no namelabelatra fohy momba ny fanomezana ireo antontan'isa mifandraika amin'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy, ka nampisehoany fa tamin'ny 9 martsa 2023 dia 10 069 136 no fitambaran'ny isan'ny mpifidy voasoratra eny amin'ireo Vaomieram-pifidianana eny anivon'ny disitrika (CED) ary mety hisy fiovàny io anton-tan'isa io rehefa atao ny fikirakirana ara-kajimirindra sy rehefa vita ny fitsirihana na audit. Nomarihiny ihany koa fa mbola mitohy hatrany ny fitsirihana ny rindrambaiko sy ny atontan-kevitra mikasika ny lisitry ny mpifidy tarihin'ny OIF izay nanomboka tamin'ny 21 martsa 2023 ka hitohy hatramin'ny hamaranana tanteraka izany lisitra izany.

*Ramatoa RANDRIAMIARIMANANA Safidinirina Onisoa*, Tale misahana ny « Opérations Electorales et Référendaires » na DOER no nampahafantatra fa ny Lalàna Fehizoro laharana faha-2018-008 tamin'ny 11 mey 2018 sy ny Didim-panjakana laharana faha-2022-667 tamin'ny 11 mey 2022 no fototra iorenan'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy. Nohazavainy tamin'izany koa ireo asa mbola miandry sy ireo daty tsara hotadidina: 10 aprily 2023[1] hanaovana ny famaranana vonjimaika, ary ny 10 jona 2023 hanaovana ny famaranana tanteraka ny lisitry ny mpifidy sy ny Rejisitra nasionalin'ny mpifidy, izay samy ialohavan'ny fitsirihana indroa miantoana. Nambarany ihany koa fa mitohy hatramin'ny faha 31 mey 2023 ny fisoratana anarana eny anivon'ny Fokontany ho an'ny olom-pirenena mbola tsy voasoratra.

Ramatoa *RANDRIAMAHANINA Irasoa Nohadandy*, Tale misahana ny « Etudes et Affaires Juridiques » na DEAJ no nampahafantatra ireo tetiandro natolotry ny CENI hanatanterahana ny fifidianana Filoham-pirenena, ka:

- Ny fihodinana voalohany dia hotanterahina ny 9 novambra 2023;

---

[1] *Nahemotra ho amin'ny 11 aprily 2023*

- Ny fihodinanana faharoa dia hatao ny 20 desambra 2023;
- Nofintinina tamin'izany ny antony nandrosoana ho folo andro mialoha ny daty hanaovana ny fihodinana voalohany amin'ny fifidianana Filoham-pirenena, izany hoe ny 9 novambra 2023, dia ny mba tsy hilatsahan'ny fihodinana faharoa amin'ny fotoam-pahavaratra feno ka hiteraka fiantraikany amin'ny fihenan'ny taham-pandraisana anjara.

IV. NY AMIN'NY FAKÀNA IREO HEVI-BAVENTY AVY AMIN'NY MPANDRAY ANJARA SY NY FIFANAKALOZAN-KEVITRA

Ny tapany faha-efatra kosa dia ny nangatahana tamin'ireo mpisehatra ny lohahevitra tian'izy ireo horesahina. Maherin'ny 70 ny nanoso-kevitra tamin'izany. Naravona ankapobeny ho teboka 11 mifandraika amin'ny zotram-pifidianana ny fakan-kevitra izay Andriamatoa *BOTO André Juckely*, Tale misahana ny « Planification, Suivi – Evaluation et Formation » na DPSEF no nanolotra izany teboka izany. Andriamatoa Filohan'ny CENI kosa no nitarika sy nandrindra ny fandraisan'anjara fitenenana nandraisana ireo tolokevitra avy tamin'ny mpivory. Azo fintinina ho lohahevitra lehibe efatra (4) no nisongadina tamin'izany, dia ireto avy:

1) Ireo rijantenin-dalàna mifehy ny fifidianana (encadrement juridique des élections),
2) Ny mikasika ny raharaham-pifidianana (opérations électorales),
3) Ny fanaovana fampielezankevitra mialoha ny fifidianana ary ny fanentanana sy fanabeazana ny olom-pirenena amin'ny tontolo politika,
4) Ny fanaraha-maso ny fifidianana.

1. IREO RIJANTENIN-DALANA MIFEHY NY FIFIDIANANA

Voaresaka matetika tamin'ny soso-kevitra naroson'ny mpandray anjara ny mikasika ireo rijantenin-dalàna dia ireo lalàna sy didy fampiharana lehibe mahakasika ny fifidianana:

*1.1. <u>Mikasika ny Lalàna Fehizoro laharana faha- 2018 – 008 tamin'ny 11 mey</u>* ***<u>2018</u>***

Fomba fijery roa no nivoitra dia: ny tokony tsy hisian'ny fanovana sy ny hisian'ny fanovana ny Lalàna Fehizoro laharana faha- 2018 – 008 tamin'ny 11 mey 2018.

Nisy ny mpivory nilaza fa tsy fotoana tokony hanovana io lalàna fehizoro io izao, satria:

- Araka ny fenitra iraisam-pirenena (standards internationaux) dia tsy tokony hikitika lalàna intsony rehefa akaikin'ny fifidianana satria hampihemotra ny fanatanterahana ny fifidianana izany, ka tsy ho voahaja ny fotoana hisian'ny fifidianana ao anatin'ny fifandimbiasam-pahefana ara-demokratika sy ny fe-potoam-piasan'ny olom-boafidy, ohatra ny Filoham-pirenena ka mety hiteraka teteza-mita;
- Araka ny lalàna misy dia any amin'ny faran'ny tsingerim-pifidianana (cycle électoral), any amin'ny taona 2026, no tsara hanaovana ny fanovana ny lalàna mifehy ny fifidianana;
- Tokony harovana avokoa aloha ireo rafitra efa mijoro mahakasika ny fifidianana mba hampanjaka ny demokrasia eto amin'ny tany sy ny firenena.

Nisy kosa ireo mpivory nilaza fa tokony ovana na ahitsy io lalàna fehizoro io satria tsy mamaly ny hetahetan'ny mpisehatra amin'ny fifidianana intsony ka ireto avy no tokony hokitihina amin'izany:

- Ny fahafahan'ireo teratany malagasy monina any ivelany mifidy;
- Ny fanovana ho biometrika ny fanaovana kopia sy ny karapanondrom-pirenena ary ny lisitry ny mpifidy;
- Ny fampidirana avy hatrany ao anaty lisitry ny mpifidy ireo olona rehetra mahafeno fepetra ao amin'ny Rejisitry ny Fokontany;

- Ny mikasika ny vanim-potoana anaovana ny fifidianana;
- Ny fampihenana ny vola aloan'ireo mpilatsaka hofidiana (caution) indrindra fa ho an'ny fifidianana Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina;
- Ny tokony hamaritana ao anatin'ny lalàna ny atao hoe « Fampielezankevitra mialohan'ny fotoana ».
- Ny tokony hanaovana mangarahara ny loharanom-bola ampiasaina amin'ny fifidianana
- Ny tokony hamerana ao anatin'ny lalàna ny vola ampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra sy ny sazy ampiharina amin'izay manao mihoatra ny voafetra.

Tao anatin'izany dia nanolotra taratasy mirakitra sosokevitra miaraka amin'ny tetiandro hanatanterahana ny zotra hanaovana ny fifanakalozan-kevitra ho fanovana izany lalàna fehizoro izany ny Antoko TIM.

### 1.2. <u>Mikasika ny Lalàna laharana faha-2015 – 020 tamin'ny 19 oktobra 2015</u>

Nizara roa ihany koa ny hevitra nivoitra mahakasika ny ***Lalàna laharana faha-2015 – 020 tamin'ny 19 oktobra 2015***. Nisy ireo mpivory nilaza hoe tsy tokony hovana io lalàna io, satria:

- Ny rindran-kevitra nentina namolavola sy nandany io lalàna io dia nifantoka indrindra amin'ny tokony hisian'ny fahaleovantenan'ny CENI na eo anatrehan'ny mpitondra fanjakana na eo anatrehan'ireo mpisehatra politika, sady manome ihany koa sehatra ireo rehetra heverina fa antoky ny fampandehanana ny raharaham-pifidianana;
- Nambaran'ny mpanohana izany lalan-tsaina izany ihany koa fa io rafitra napetraky ny lalàna 2015-020 dia mamaly tanteraka ireo filàna hahafahana mampahomby ny raharaham-pifidianana satria ny Birao maharitra dia misy ny solontenan'ny andrimpanjakana izay tsy rafitra politika , ny mpanao lalàna, ny mpitsara, ny fiarahamonim-pirenena ary ny haino vaky jery, ary ny solontenan'ny mpisehatra ara-politika kosa dia mandray anjara ao anatin'ny Birao tsy maharitra, amin'ny fandaminana sy ny fanaraha-maso ny fifidianana amin'ny fotoana hisian'izany ;

Nisy kosa ireo mpivory nangataka ny fanovana io lalàna io ka nisongadina tamin'izany:

- Ny tokony hanamboarana ny firafitry ny Birao maharitra sy ny firafitry ny mpikambana amin'ireo Rantsamangaikan'ny CENI ny amin'ny tokony hanatevenana azy amin'ny solontenan'ny mpisehatra ara-politika sy olona hafa manana traikefa amin'ny fifidianana; ary
- Ny tokony hanomezana fahaleovantena tanteraka ara-bola sy ara-pitantanana ny CENI.

### 1.3. <u>Ireo didim-panjakana, didim-pitondràna sy didy fampiharana mahakasika ny fanatsarana sy fiarovana ny fitantanana ny raharaham-pifidianana</u>

Nisongadina tao anatin'izany ny tokony hijerena ny fanatsarana bebe kokoa ny fomba fiasan'ny CENI mahakasika:

- Ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy sy ny fampiasana ny karatry ny mpifidy;
- Ny famaritana ny endrika sy ny firafitry ny bileta tokana;
- Ny tokony handraisan'ny mpisehatra ara-pifidianana malagasy anjara amin'ny fitsirihana ny atontan'isa sy ny rindrambaiko manodidina ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy ka isan'izany ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy;
- Ny fitantanana ireo raharaham-pifidianana toy ny fikirakirana ny filatsahan-kofidiana, ny fandrindrana ireo asa eny anivon'ny birao fandatsaham-bato sy ny asan'ireo mpikambana

amin'ny Biraom-pifidianana, ny fandrindrana ny asan'ireo mpanara-maso fifidianana ary ny famoahana ny voka-pifidianana.

- Voaresaka ihany koa ny momba ny tokony hanazavana misimisy kokoa ny andraikitra sy ny paik'adin'ny fahefana mpitsara: HCC, TPI, TA, Conseil d'Etat, amin'ny fandraisana ireo fitoriana, sy ny fampiharana ny famaizana voatondro ho an'ireo rehetra izay mandika ny lalam-pifidianana.

2. NY MIKASIKA NY RAHARAHAM-PIFIDIANANA

❖ Amin'ny ankapobeny, ho fanatsarana ny **lisitry ny mpifidy** dia maro no nanoso-kevitra fa ny fanovana ho biometrika ny fitantanana ny lisitry ny mpifidy miainga amin'ny fotony, toy ny fanovana ho biometrika ny fanaovana ny kopia nahaterahana sy ny karapanondrom-pirenena no tena voaresaka ho vahaolana mahomby indrindra hanatsarana sy hahatomombana izany lisitry ny mpifidy izany. Teo anatrehan'izany, ary mandrapahatanteraka izany dia ireto no soso-kevitra voaray hanatsarana ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy amin'ny endriny ankehitriny:

- Fampahafantarana mazava ny rindrambaiko ampiasaina amin'ny fikirakirana ny lisitry ny mpifidy sy fizarana amin'ny mpisehatra rehetra ny tatitra momba izany fitsirihana izany amin'ny fomba maro sy malalaka;
- Famoahana ny atontan'isa manavaka ny sokajin'ny mpifidy voasoratra anaty lisi-pifidianana (cartographie électorale) isaky ny fari-piadidiam-pifidianana (circonscription électorale) ;
- Fametrahana fomba fiasa mahomby sy fanamafisana ny fanaraha-maso ny fanaovana ny fitsarana mitety vohitra hanomezana kopia sy karampanondrom-pirenena;
- Fitsirihana ny rindrambaiko sy ny lisitry ny mpifidy amin'ny alalan'ny manam-pahaizana manokana malagasy ihany koa fa tsy ny vahiny fotsiny ihany.

❖ Momba ny **birao fandatsaham-bato** kosa dia tokony manakaiky vahoaka hatrany izany ka:

- Ilaina ny hevitry ny Ben'ny tanàna amin'ny famoronana ireo birao fandatsaham-bato vaovao any ambanivohitra;
- Tsinjaraina araka ny adiresy misy azy kosa ao anaty birao fandatsaham-bato ireo mpifidy any amin'ireo tanan-dehibe;
- Avoaka mialoha eny amin'ny fokontany ny lisitry ny birao fandatsaham-bato;
- Asiana fepetra manokana ny fanendrena ny mpikambana amin'ny biraom-pifidianana ary omena fiofanana feno sy ampy izy ireo hialana amin'ny ahiahy sy ny fitongilanana;
- Mila mametraka fomba sy fitaovana manokana ahafahan'ireo manana fahasembanana misitraka ny zo maha mpifidy azy;
- Tsy tokony ho takona tanteraka ny vatan'ny mpifidy anaty efitra fisainana fa ny safidiny amin'ny taratasin-datsabato ihany no tokony ho takona;

❖ Momba ny **voka-pifidianana** kosa dia ireto ny soson-kevitra voaray:

- Amafisina ny fiarovana ny fanaterana ny voka-pifidianana isam-pokontany eny anivon'ny SRMV mba hiarovana ny safidim-bahoaka;
- Tsara hafainganina ny famoahana ny voka-pifidianana mba hialana amin'ny hosoka sy ny fanovana izany;
- Mila azavaina tsara amin'ny mpisehatra sy ny mpifidy ny andraikitra sy ny fahefan'ny mpitsara: HCC, TPI, TA, Conseil d'Etat momba ny fitsarana ny fifanolanana ara-pifidianana, ary ampahafantarina ny sazy mifandraika amin'ny fandikan-dalàna ami'ny fifidianana.
- Hamafisina ny andraikitry ny CCFVP amin'ny fanaraha-maso ny loharanom-bola sy ny fitantanam-bola lanin'ny antoko politika amin'ny fifidianana ary ampiharina ny sazy lazain'ny didy aman-dalàna amin'izay tsy manaraka izany.

## 3. NY FANAOVANA FAMPIELEZANKEVITRA MIALOHA NY FIFIDIANANA ARY NY FANENTANANA SY FANABEAZANA NY OLOM-PIRENENA AMIN'NY TONTOLO POLITIKA

Nisongadina tao amin'ny dinika ary niarahan'ny rehetra nanaiky fa tsy voalazan'ny lalàna ny momba ny fanaovana fampielezankevitra mialoha ny fotoana. Eo andanin'izany koa dia voafetra mazava ny fotoana hanaovana ny fampielezankevitra izay ataon'ny kandida tsirairay. Araka izany dia nandroso ireto soso-kevitra ireto ny mpivory:

- Tokony ho faritana mazava ny fotoana sy ny zavatra azo atao mandritry ny fenentanana sy fanabezana ny olom-pirenena amin'ny tontolo politika mandritra ny taom-pifidianana;
- Tokony hajaina ny fitovian'ny rehetra amin'ny fanehoan-kevitra sy ny fahalalahana mamory vahoaka;
- Tokony hisy toro-marika manokana fampiharana ny lalàna mahakasika ny fanenjehana ny fandikan-dalàna;
- Tokony atsangana ny « Haute Autorité de la Déontologie de la Vie Publique » mba hametrahana mazava tsara fitsipi-pifehezana sy fitsipi-pitondran-tenan'ny kandida sy ny mpanao politika mandritra ny fifidianana mba hanajana ny zo fototra sy ny soatoavina maha malagasy;
- Tokony hapetraka mazava tsara ny ANRCM hamaritana ny fepetra amin'ny fampiasana ny tambazotra sy ny haino vaky jery tsy miankina;

## 4. NY FANARAHA-MASO NY FIFIDIANANA

Nisy ihany koa ireo nanolotra soso-kevitra ho an'ny fanaraha-maso ny fifidianana, ka ireto avy izany:

- Tokony atao malalaka ny fahafahana manara-maso eo amin'ny zotram-pifidianana;
- Ho an'ny mpanara-maso fifidianana avy eto an-toerana dia tokony hatsaraina ny fiofanana omena azy ireo, ary toy izany koa ho an'ireo delegen'ny kandida mba hitovian'ny fomba fijery ny fanaraha-maso fifidianana;
- Omena lanja bebe kokoa ny toerana maha izy azy ny mpanara-maso fifidianana ka asiana faritra hanaovany fanamarihana ao anaty taratasy firaketana an-tsoratra na PV, ary avela malalaka izy ireo hameno izany;
- Anjaran'ny Filohan'ny Biraom-pifidianana no mandrindra sy mandamina ny fotoana sy ny fomba ahafahan'ireo mpanara-maso sy delegen'ny kandida manatanteraka ny andraikiny ao anatin'ny Birao fandatsaham-bato.

Nizotra tamim-pilaminana amin'ny ankapobeny ny adihevitra, ary noraisina daholo ireo tolokevitra rehetra avy tamin'ny mpivory. Nanambara ny Filohan'ny CENI tamin'ny kabary famaranana nataony fa misy amin'ireo soso-kevitra naroso no mahakasika ny CENI sy ny fomba entiny manatanteraka ny asany ao anatin'ny fanajana ny lalàna velona; misy kosa mahakasika ireo Andrimpanjàkana hafa.

Misy ny soso-kevitra azo tanterahina ao anatin'ny fohy ezaka, na antonony fa misy kosa mila fotoana lavalava. Ny fandravonana ny adi-hevitra kosa dia ho alefa amin'ny Mpandray anjara ary fanirian'ny maro no tokony hitohizan'ny fihaonana sy dinidinika toy izao.

ANTANANARIVO, faha- 03 aprily 2023

**Ny Mpitantsoratry ny fivoriana**

**Ny Mpitarika ny fivoriana**

Andriamatoa BOTO André Juckely
DPSEF CENI

Andriamatoa ANDRIAMIFIDY Jean Louis
Talen'ny Kabinetra CENI

Andriamatoa DAMA Arsène
Filohan'ny CENI